

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**LOI n° 2004 - 005**

**Autorisant la ratification de l'Amendement en date du 1er décembre 2003  
à l'Accord de crédit conclu le 07 mai 1998 entre la République de Madagascar  
et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Second  
Projet de Nutrition Communautaire  
Crédit n°3060-1 MAG**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Afin d'appuyer l'exécution du Deuxième Projet de Nutrition Communautaire, la Banque Mondiale, par l'intermédiaire de l'Association Internationale de Développement a octroyé au Gouvernement malgache un crédit supplémentaire, d'un montant de 7,3 millions de DTS, équivalent à 10 millions USD, soit environ 61,780 milliards de Fmg.

L'amendement à l'Accord de crédit y afférent a été conclu à Antananarivo le 1<sup>er</sup> décembre 2003, portant ainsi le montant du crédit dont l'Accord initial a été signé le 07 mai 1998, de 20. 400. 000 DTS à 27. 700. 000 DTS.

La date de clôture sera le 31 octobre 2004.

**Conditions financières du crédit additionnel :**

**Montant** : SEPT MILLIONS TROIS CENT MILLE en Droits de Tirages Spéciaux (7.300.000 DTS)

**Durée totale** : 40 ans dont 10 ans de différé

**Remboursement du principal** : Par échéances semestrielles payables le 15 mars et le 15 septembre de chaque année, à compter du 15 mars 2014, la dernière échéance étant payable le 15 septembre 2043, chaque échéance jusqu'à celle payable le 15 septembre 2023 est égale à un pour cent (1%) dudit principal et chaque échéance postérieure est égale à deux pour cent (2%) dudit principal.

**Commission d'engagement** : (dues sur le principal du crédit non retiré).

Taux fixé par l'Association le 30 juin de chaque année mais ne dépassant pas le taux de un demi de un pour cent (1/2 de 1%) par an, payables semestriellement le 15 mars et le 15 septembre de chaque année. Elles courent 60 jours après la date de signature de l'Amendement.

**Commissions de service** :

Taux annuel de trois quarts de un pour cent (3/4 de 1%) sur le principal du crédit retiré et non encore remboursé, payables semestriellement le 15 mars et le 15 septembre de chaque année.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution, « la ratification ou l'approbation des traités... qui engagent les finances de l'Etat doit être autorisée par la loi ».

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
**Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana**

---

**LOI n° 2004 - 005**

**Autorisant la ratification de l'Amendement en date du 1er décembre 2003  
à l'Accord de crédit conclu le 07 mai 1998 entre la République de Madagascar  
et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Second  
Projet de Nutrition Communautaire  
Crédit n°3060-1 MAG**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 10 juin 2004 et du 17 juin 2004, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** - Est autorisée, la ratification de l'Amendement en date du 1<sup>er</sup> décembre 2003 à l'Accord de crédit conclu le 07 mai 1998 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Second Projet de Nutrition Communautaire d'un montant de SEPT MILLIONS TROIS CENT MILLE DROITS DE TIRAGES SPECIAUX (7. 300. 000 DTS), soit l'équivalent de SOIXANTE ET UN MILLIARDS SEPT CENT QUATRE VINGT MILLIONS (61.780.000.000) Francs malagasy.

**Art. 2-** La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 17 juin 2004**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**

**LE PRESIDENT DU SENAT,**

**LAHINIRIKO** Jean

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

**REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA - 001 / 04 tamin'ny faha 07 janoary 2004**  
**Anomezan-dalana ny fankatoavana ny soso-panovàna tamin'ny 01 desambra 2003 ny Fifanarahana Fampisamboram-bola nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana tamin'ny 07 mey 1998 mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa faharoa momba ny Fanomezan-tsakafo ny Mpiara-belona**

**Fampisamboram-bola laharana faha-3060-1 MAG**

---

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Mba ho fanohanana ny fanatanterahana ny Tetikasa Faharoa momba ny Fanomezan-tsakafo ny Mpiara-belona, ny Banky Iraisam-pirenena, amin'ny alalan'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana, dia nanome ho an'ny Governemanta Malagasy, fampisamboram-bola fanampiny, mitentina 7, 3 tapitrisa DTS, mitovy amin'ny 10 tapitrisa USD, izany hoe 61,780 arivo tapitrisa Ia.

Ny soso-panovàna atao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola mikasika izany dia natao tao Antananarivo ny 01 Desambra 2003, ka mahatonga araka izany ny habetsahan'ny fampisamboram-bola izay nosoniavina tamin'ny 07 mey 1998 ny Fifanarahana tany am-boalohany, izay 20.400.000 DTS ho lasa 27.700.000 DTS ;

Ny vaninandro famaranana dia ny 31 oktobra 2004.

**Fepetra ara-bola ao amin'ny fampisamboram-bola fanampiny :**

**Habetsahany :** TELO HETSY SY FITO TAPITRISA Droits de Tirages Spéciaux  
(7.300.000 DTS)

**Faharetany manontolo :** 40 taona ka ny 10 taona fanemorana

**Famerenana ny renitrosa :** isaky ny ampaham-banim-potoana enim-bolana ka aloa ny 15 marsa sy ny 15 septambra isan-taona, manomboka ny 15 marsa 2014, ny ampaham-banim-potoana tsirairay hatramin'ilay aloa ny 15 septambra 2023 dia mira iray isan-jato (1%) amin'ilay renitrosa ary ny ampaham-banim-potoana tsirairay aty aoriana dia mira roa isan-jato (2%) amin'ilay renitrosa.

**Saram-piandraiketana :**(aloha amin'ny renivola nampisamborina nefa mbola tsy nalaina)

Taha noferan'ny Fikambanana ny 30 jona isan-taona isan-taona nefa tsy mihoatra ny antsasaky ny iray isan-jato (1/2 amin'ny 1%) isan-taona, aloa isaky ny enim-bolana ny 15 marsa sy ny 15 septambra isan-taona. Manan-kery 60 andro aorian'ny vaninandro anaovana sonia ny Soso-panovana izany.

**Saram-pisahanan-draharaha :**

Taha isan-taona telo ampahefatra ny iray isan-jato (3/4 amin'ny 1%) amin'ny renivola amin'ny fisamboram-bola nalaina kanefa mbola tsy voaverina, aloa isaky ny enim-bolana ny 15 marsa sy ny 15 septambra isan-taona.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82, paragrafy VIII amin'ny Lalàmpanorenana «dia tsy maintsy lalàna no anomezan-dàlana ny fankatoavana na ny fanekena ny fifanekena... izay mampiditra andraikitra hoefaina amin'ny volam-panjakana ».

Izany sy izany, no antonanton'izao Volavolan-dalàna izao.

**REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA - 001 / 04 tamin'ny faha 07 janoary 2004 Anomezan-dalana ny fankatoavana ny soso-panovàna tamin'ny 01 desambra 2003 ny Fifanarahana Fampisamboram-bola nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Fampandrosoana tamin'ny 07 mey 1998 mikasika ny famatsiam-bola ny Tetikasa faharoa momba ny Fanomezan-tsakafy ny Mpiara-belona**

**Fampisamboram-bola laharana faha-3060-1 MAG**

---

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha 10 jona 2004 izao Volavolan-dalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany**- Omen-dalana ny fankatoavana ny soso-panovàna tamin'ny 01 desambra 2003 amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisampirenena momba ny Fampandrosoana tamin'ny 07 mey 1998 mikasika ny Famatsiam-bola ny Tetikasa faharoa momba ny Fanomezan-tsakafy ny Mpiara-belona, Famatsiam-bola mitentina TELO HETSY SY FITO TAPITRISA DROITS DE TIRAGE SPECIAUX (7.300.000 DTS) izany hoe VALOPOLO SY FITONJATO SY ARIVO SY ENINA ALINA TAPITRISA (61.780.000.000) Iraimbilanja Malagasy.

**Andininy faharoa** : Izao Lalàna izao dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana

**Antananarivo, faha 10 jona 2004**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**LAHINIRIKO Jean**

**FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA 3060-1 MAG  
(Soso-panovana)**

**Fifanarahana soso-panovana  
Atao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana**

**(Tetikasa faharoa momba ny fanomezana Sakafo ho an'ny mpiara-belona)**

**ifanaovan'**

**ny REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**

**sy**

**ny FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA**

**tamin'ny 1 desambra 2003**

**FAMPISAMBORAM-BOLA LAHARANA FAHA 3060-1 MAG  
(Soso-panovana)**

**FIFANARAHANA SOSO-PANOVANA ATAO AMIN'NY FIFANARAHANA  
FAMPISAMBORAM-BOLA HO AMIN'NY FAMPANDROSOANA**

FIFANARAHANA, tamin'ny voalohan'ny volana desambra 2003, ifanaovan'ny REPOBLIKANI MADAGASIKARA (Ny Mpisambotra) sy ny FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA (Ny Fikambanana)

SATRIA (A) ny Mpisambotra sy ny Fikambanana dia nandraikitra Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny fampandrosoana (Tetikasa faharoa momba ny fanomezana sakafo ho an'ny mpiara-belona - Fampisamboram-bola laharana faha-3060-MAG), tamin'ny 07 mey 1998 (Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana), mba hanomezana tohana eo amin'ny fanatanterahana ny Tetikasa Faharoa momba ny Fanomezana sakafo ho an'ny mpiara-belona, arak'izay voasoritra ao amin'ny Fepetra Fampiharana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana (Ny Tetikasa) ;

(B) ny Mpisambotra dia nangataka tamin'ny Fikambanana mba hanome fanampiana ambonin'ny eo amin'ny tohana atao amin'ny Tetikasa amin'ny fampitomboana ny vola azo ampiasaina amin'ny fampitomboana ny vola azo ampiasaina araka ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany mitetina telo hetsy sy fito tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (DTS 7.300.000), ary

SATRIA ny fikambanana dia nanaiky, niainga amin'ireo zava-boalaza teo aloha ireo, ny hanome izany fanampiana amboniny izany amin'ny Mpisambotra araka ny voalaza sy ny fepetra nambara ao amin'izao Fifanarahana izao ;

NOHO IREO ANTONY IREO, ny andaniny sy ankilany amin'izao Fifanarahana izao dia mifanaiky amin'izao voalaza manaraka izao :

**ANDININY 1**

***Soso-panovana atao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola  
ho amin'ny Fampandrosoana***

Ny sokajy 1.01 Sokajy 1.02 amin'ny Ffanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia nasiana soso-panovana amin'ny fampidirana paragrafy manaraka (b), ny paragrafy efa misy (b) hatramin'ny (q) dia omena laharana indray noho izany ho paragrafy (c) hatramin'ny (r) avy ary araka ny abidia mifanaraka amin'izany :

(b) « ny Fifanarahana Soso-panovana » dia mampiseho ny fifanarahana nasiam-panovana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana (Tetikasa faharoa momba ny fanomezana sakafo ho an'ny mpiara-belona) nifanaovan'ny Mpisambotra sy ny Fikambanana tamin'ny 1 desambra 2003 ;

Ny Sokajy 1.02 Sokajy 2.01 ao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana dia nasiana soso-panovana izay ho vakiana toy izao manaraka izao :

Sokajy 2.01 : Ny Fikambanana dia nanaiky ny hampindram-bola amin'ny Mpisambotra; araka



ny voalaza sy ny fepetra nambara na izay anaovana fitsiahy ao amin'ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana, vola mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany mitentina fito hetsy sy fito ambiroapolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (DTS 27.700 000) (ny Fampisamboram-bola), izay ahitana : (a) vola tany am-boalohany mitovy amin'ny vola vahiny isan-karazany mitentina efatra hetsy sy roapolo tapitrisa Droits de Tirage Spéciaux (DTS 20.400.000) (Ny famatsiam-bola tam-boalohany) ; ary (b) vola fanampiny mitovy amin'ny lelavola vahiny samihafa izay telo hetsy sy fito tapitrisa « Droits de Tirage Spéciaux » (DTS 7.300.000) (ny famatsiam-bola fanampiny)

Ny sokajy 1.03. Sokajy 2.03 ny Fifanarahana fampisamboram-bola ho amin'ny fampandrosoana dia nasiana soso-panovàna mba ho vakiana toy izao manaraka izao :

Sokajy 2.03 Ny vaninandro amaranana dia ny 31 oktobra 2004 na ny vaninandro aloha izay ataon'ny Fikambanana. Ny Fikambanana dia mampahafantatra haingana ny mpisambotra izany vaninandro aloha izany.

Sokajy 1.04 ampiana famarafaran-teny amin'ny faran'ny sokajy 2.04 (b) (i) amin'ny Fifanarahana fampisamboram-bola ho amin'ny fampandrosoana izay vakiana toy izao manaraka izao :

Raha toa anefa ny sara-piandraiketana ny famatsiam-bola fanampiny dia mitambatra manomboka ny vaninandro izay enimpolo (60) andro aorian'ny vaninandro entin'ny Fifanarahana soso-panovana.

Ny sokajy 1.05 Sokajy 2.07 (a) ny Fifanarahana fampisamboram-bola ho amin'ny fampandrosoana dia nasiana soso-panovàna mba ho vakiana toy izao manaraka izao

Sokajy 2.07 (a) Na dia eo aza ny paragrafy (b) sy (c) izao manaraka izao, ny Mpisambotra dia mamerina ny Renivola amin'ny fampisamboram-bola toy izao manaraka izao :

(A) amin'ny tranga Famatsiam-bola tany am-boalohany, fe-potoana enim-bolana aloa isaky ny 15 marsa sy ny 15 septambra, manomboka ny 15 septambra 2008, ary mifarana ny 15 marsa 2038. Isaky ny fotoana igadonany hatramin'izay naloa ny 15 marsa 2018 sy izao ao anatin'ny dia mitovy amin'ny izay isan-jato (1%) amin'izany renivola izany, sy isaky ny fotoana igadonany aty aoriana dia mitovy amin'ny roa isan-jato (2%) amin'izany renivola izany ary

(B) amin'ny tranga Famatsiam-bola fanampiny, fe-potoana enim-bolana aloa isaky ny 15 marsa sy ny 15 septambra, manomboka ny 15 marsa 2014, ary mifarana ny 15 septambra 2043. Isaky ny fotoana igadonany hatramin'izay naloa ny 15 septambra 2023 dia mitovy amin'ny izay isan-jato (1%) amin'izany renivola izany, sy isaky ny fotoana igadonany aty aoriana dia mitovy amin'ny roa isan-jato (2%) amin'izany renivola izany.

NOHO IZANY, ireo andaniny sy ankilany amin'ity Fifanarahana ity, amin'ny alalan'ny solontenan'izy ireo izay nomem-pahefana afaka manao izany, dia nanao sonia ity Fifanarahana ity amin'ny anaran'izy ireo avy tao Antananarivo, Repoblikan'i Madagasikara, ny andro sy ny taona voalaza etsy ambony.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Avy amin'ny

Solontena afaka manao izany

FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

Avy amin'ny

Solontena afaka manao izany

**CREDIT NUMERO 3060-1 - MAG  
(Amendement)**

**Accord d'Amendement  
A l'Accord de Crédit de Développement**

**(Second Projet de Nutrition Communautaire)**

**entre**

**LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR**

**et**

**L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT**

**En date du 1er décembre 2003**

**CREDIT NUMERO 3060 - 1 - MAG  
(Amendement)**

**ACCORD D'AMENDEMENT A L'ACCORD DE CREDIT DE DEVELOPPEMENT**

ACCORD, en date du 1<sup>er</sup> décembre 2003, entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR (L'Emprunteur) et l'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT (L'Association).

ATTENDU QUE (A) L'Emprunteur et l'Association ont conclu un Accord de Crédit de développement (Second Projet de Nutrition Communautaire - Crédit N°3060 MAG), en date du 07 mai 1998 (Accord de Crédit de Développement), dans le but de fournir un appui lors de l'exécution du Second Projet de Nutrition Communautaire, tel que cela est décrit dans les Conditions d'Application de l'Accord de Crédit de Développement (le Projet) ;

(B) l'Emprunteur a demandé à l'Association de fournir un aide supplémentaire dans l'appui au Projet en augmentant le montant rendu disponible sous l'Accord de Crédit de Développement d'un montant équivalent en diverses devises à sept millions trois cent mille Droits de Tirage Spéciaux (DTS 7 300 000) ; et

ATTENDU QUE l'association a accepté, sur la base, entre autres, des faits précités, de fournir une telle aide supplémentaire à l'Emprunteur selon les termes et les conditions énoncés dans le présent Accord ;

PAR CES MOTIFS, les parties au présent Accord sont convenues de ce qui suit :

**ARTICLE I**

**Amendements à l'Accord de Crédit de Développement**

La Section 1.01 Section 1.02 de l'Accord de Crédit de Développement est amendée en insérant le paragraphe suivant (b), les paragraphes existants de (b) à (q) étant renumérotés en conséquence en tant que les paragraphes de (c) à (r) respectivement et dans l'ordre alphabétique approprié :

(b) « l'Accord d'Amendement » représente l'accord amendant l'Accord de Crédit de Développement (Second Projet de Nutrition Communautaire) entre l'Emprunteur et l'Association en date du 1<sup>er</sup> décembre 2003 ;

La Section 1.02 Section 2.01 de l'Accord de Crédit de Développement est amendée pour lire comme suit :

Section 2.01. L'Association accepte de prêter à l'Emprunteur, selon les termes et les conditions énoncés auxquels il est fait référence dans l'Accord de Crédit de Développement, un montant équivalent en diverses devises équivalent à vingt-sept millions sept cent mille Droits de Tirage Spéciaux (DTS 27.700.000) (le Crédit), qui inclut : (a) un montant initial équivalent en diverses devises à vingt millions quatre cent mille Droits de Tirage Spéciaux (DTS 20.400.000) (le Financement Initial) ; et (b)

un montant additionnel équivalent en diverses devises à sept millions trois cent mille Droits de Tirage Spéciaux (DTS 7 300 000) (le Financement Additionnel).

La

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE REPOBLIKAN'I

MADAGASIKARA Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

-----PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE REPOBLIKAN'I

MADAGASIKARA Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana PRESIDENCE DE LA

REPUBLIQUE dudit montant principal, et chaque échéance postérieure sera égale à deux pour cent (2%) dudit montant principal.

EN FOI DE QUOI les parties au présent Accord, agissant par l'intermédiaire de leurs représentants dûment habilités à cet effet, ont fait signer le présent Accord en leurs noms respectifs à Antananarivo, République de Madagascar, les jour et an que dessus.

REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

Par

Représentant Habilité

ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT

Par

Représentant Habilité

